

Miantso ny antoko politika hidinika momba ny raharaham-pirenena

Mahonena fa Frantsay an-taratasy no filohan'ny Malagasy



Raharaha CNAPS 7

Avoahay Ramatoa Joslina Tsaboto hoy ny mpiasa

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Alakamisy 29 jona 2023

Laharana 1448

Vidiny : 600 Ar

Filoha Ravalomanana 3

Afaso amin'ireo TV Satelita amin'izay koa ny MBS



Kongresy nasionalin'ny TIM ny sabotsy izao 2

Vonona ny ao Tanjombato vonona koa ny kongresista



Miala Rajoelina 2

Mampahantra ny firenena sy ny vahoaka Malagasy

J - 72

Antenimierampirenena 3

Mpikambana amin'ny Birao Maharitra 4 tadiavina haongana



Fampianarana sy fanadinana 6 Mpianatra 30 voasoloky ka tsy afaka hiatrika bakalôrea

Fizahantany 6 Matory ny ofisim-paritra any Menabe

Daka kely Tsy maharaka an'i Mimi kay nareo raha hi-dance ry Boaikely a !

KONGRESY NASIONALIN'NY TIM NY SABOTSY IZAO

Vonona ny ao Tanjombato, vonona koa ny kongresista

Ho tanterahana ny sabotsy 1 jolay ho avy izao ao amin'ny Magro Tanjombato Antananarivo Atsimondrano, ny kongresy nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Efa vonona ny toerana handraisana izany, izay toerana malalaka sy mifefy ary mitafo. Nampahafantatra ny fahavitan'izany toerana izany tamin'ny mpanao gazety ny talata teo, ny birao politikan'ny antoko, ireo depiote voafidy tamin'ny anaran'ny antoko TIM ary ny solontenan'ny komity mpikarakara. Nahitana ny sekretera jeneralin'ny antoko Rina Randriamasinoro, ny mpandriandra nasionaly Jean Claude Rakotonirina, ny filohan'ny vondrona parlemantera TIM : ny depiote Fetra Ralambobozafimbololona, ny depiote Mamy Rabenirina, ny depiote Gerry Randriambolaina, ny depiote Alain Ratsimbazafy, ny depiote Feno Ralambomanana, ny depiote Rastany ary ny depiote Ramboasalama. Teo koa ny avy amin'ny komity mpikarakara, nahitana ny senatera teo aloha Olga Ramalason, ny ministra teo aloha Rafatrolaza Bary Emmanuel. Fantatra tamin'izany fa efa vonona koa ireo kongresista hiatrika izany kongresy nasionaly izany, hahatratra 1400 eo ny avy any amin'ny faritra ivelany renivohitra. Mpizaika miisa 20.000 eo no heverina hiatrika ny fotoana, izay hanomboka rahampitso zoma 30 jona, amin'ny alalan'ny asam-baomiera sy fanofanana, fanofanana ho amin'ny fiatrehana ny fifidianana. Hitohy ny sabotsy izany kongresy nasionaly izany, hatrehan'ny filoha nasionaly Marc Ravalomanana. Tokony hanao badge avokoa ireo hiatrika ny fihaonambe, hoy ny sekretera jeneraly Rina Randriamasinoro, ny toe-



Ny tafa tamin'ny mpanao gazety tao Tanjombato.

rana hahazoana ny badge hahafahana miditra eny Tanjombato dia ao amin'ny QG Bel'Air, MBS Anosipatrana, any amin'ireo Solombavambahoaka lany tamin'ny anaran'ny Antoko, any amin'ny distrika isanisany, ... Sabotsy izany mifankahita amin'ity fotoandehiben'ny antoko TIM ity, nanasany ihany koa ireo antoko politika sy fikambanana samihafa misy eto amin'ny firenena. Eo ihany koa no hanehoany, fa antoko lehibe eto Madagasikara izany antoko TIM izany, vonona amin'ny zava-drehetra, indrindra ny fifidianana amin'ity taona ity.

Isambilo

RMDM

Miantso ny antoko politika rehetra hidinika momba ny raharaham-pirenena

Miantso ny antoko politika rehetra misy eto amin'ny firenena, hidinika momba ny raharaham-pirenena amin'izao fotoana, izay latsaka an-katerena ny RMDM, na ny Rodoben'ny Mpanohitra ho an'ny Demokrasia eto Madagasikara. Misy ny antso sy fanambarana nataon'izy ireo mahakasika izany : « raisin'ny RMDM ho an-

draikitra lehibe ny mana-sa ny "Antoko politika rehetra mijoro ara-dalàna, mba hira mivory ny alakamisy faha-29 jona 2023 amin'ny 10 ora maraina ao Andraharo foiben'ny antoko HVM, handinika miaraka ny toedraharaham-pirenena ankehitriny. » lantefan'izany antson'izy ireo izany ny vondron'antoko politika sy ny antoko

politika : Hifim, Vphm, Panorama, Lera, Crn, Dinike, Solide, Mihava Tours, Tamami, Ftar, Undd, Apm, Otrik'afo, Gffm, Mts, Arema, Leader, Ecologiste humaniste, Fiam, Gasy-leo, Fndd, Monima, Akfm fanavaozana, Tgv, MMM, Avi, Avotra hoan'ny firenena, RDS, Tsaratahaina, Aba, Antoko Maitso, Liaraike, Zah gasy, Free-

dom, Manda, Avana, Hiaraka Isika, Vonjy iray tsy mivaky, Dhd, Fanahy no Maha Olona, Mamafisoa, Pfm, Rfm, Sociétés Civiles rehetra, SMM, Syndicat rehetra, PSD, RPSD, Akfm Fanavaozana, sy ireo rehetra hafa mijoro ara-dalàna.

Ny Valosoa

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

Mazava sy mitombina ny lalana hamoahany ny firenena

Maro ny olom-pirenena no sahiran-tsaina ny amin'ny zotra andehanana na fitondrana ny firenena sy ny hifarahany. Vao maika niha-nitombo sy nihafafy izany tato ho ato rehefa fantatry ny maro ny momba ny fizakan'ny filohan'ny Repoblika malagasy Andry Rajoelina ny zom-pirenena frantsay avy amin'ny fangatahan'izany. Maro no nametra-pantonianana ny amin'izay ho fiarovany ny tombontsoan'ny firenena malagasy, indrindra raha mifanahitra amin'ny tombontsoan'i Frantsa. Tsy maintsy tonga amin'izany ny eritreritra rehefa mahita ny fahantrana lalina manjo ny vahoaka malagasy, ny fahasimban'ny fiarahamonina, ny fikorosy fahan'ny toekarena, ny toe-tsaina,

ny soatoavina, sy ny maro hafa. Raha fehezina, miha-potika ny firenena. Adihevitra eny amin'ny fiainana andavanandro eny, hanao ahoana no hifarahany'ity firenena ity raha izao no mitohy ? Firenena toy ny inona no havela ho an'ny taranaka fara aman-dimby? Ny fomba fijery sy fiheverena mifanohitra etsy sy eroa amin'ny vahaolana tokony hoentina manoloana izany, dia tsy mitondra mankaiza. Ny an'iza no mitombina sy mety amin'izao vanim-potoana izao? Misy ireo mitompo teny fantatra mafy, kanefa rehefa fotorina tsy hita mazava izay fototra iorenan'ny fa toa hevitra voiziny ny korinan-kevitra ny fanatontoloana sy ny zava-misy fotsiny ihany

mifandraika amin'ny eo amin'ny sehatra iraisam-pirenena. Tsy marin-toerana izany. Tsy maintsy mijery an'izany anefa raha tiana marina ny hahita ny tokony ho lalan-kombina hamoahana ny firenena ao anatin'izao lavaka mangitsokitsoka izao. Anisan'ny antom-pisian'ny Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK), ny hana-votra ity firenena ity. Miainga avy amin'ny Vinan'Andriamanitra ho amin'ny hamirapiratan'ny firenena no hevitra voiziny, sy asa ataony. Ny AFK ao anatin'izany, dia fitaovana ihany hanatanterahana izany. Niainga avy amin'ny fikaonandohan'ireo kristiana manam-pahalalana resy lahatra no nanombohana ny asa. Nisy ihany koa ny fanadiha-

diana lalina natao nanerana ny Nosy namantarana ny ao an-tsaina sy ao am-pon'ny mpiray tanindrazana tiany hiseho sy hapeetra eto amin'ny firenena. Nanaraka izany ny fikarohana sy ny vokatra hita izay voaporofa aratsiansa ny mampitombina azy, ary noraketina sy navoaka ho boky iza-ny. Manana ny vahaolana mitombina hamoahana an'i Madagasikara ny AFK. Mitaky fahavononana sy faharesen-dahatry ny olom-pirenena anefa izany mba hijoro sy hiarahantana aminy. Vonona hifanatonana sy hiresaka amin'ny sokajin'olona na fikambanana samihafa hatramin'ny fiangonana ny AFK. Fibandraisana: 034 17 460 53.

Aris

Ny Valosoa sy faka-faka

Miala Rajoelina. J- 72

Mampahantra ny firenena sy ny vahoaka Malagasy

Dia ireny niaraha-nahita ireny ny fahasahiana nisafo ny foloalindahy malagasy sy ny fiatrehana ny fankalazana ny fetim-pirenena malagasy. Asa mandeha mankaiza avy ny fisainana sy ny eritreritra ny tsirairay na ireo eo anivon'ny fitondrana, na ireo vata miaramila isan-tsokajiny eo anivon'ny foloalindahy malagasy, na ireo olom-pirenena manoloana ireny zava-misy ireny? Na maro aza no niteny mialoha, indrindra ireo ankolafy politika eo anivon'ny fanoherana, fa tsy tokony hanao izany ny filohan'ny Repoblika, dia mbola nataony izany, nisy rahateo ny mpamporisika minia mikimpy anoloan'ny rariny sy hitsiny. Matimaty foana sy veriverivo foana ny ran'ireo Malagasy tia marina ny tanindrazany nanomboka ny 1896, sy ny 1947. Nirediredy fotsiny ho an'ireo minia mikimpy ireo Malagasy nikiakiaka sy niantsoantso ny fahaleovantena tamin'ny 1929 izay nanalikan'ny Frantsay, nataony ho ambany noho ny alika mihitsy aza, teny Andohan'Analakely. Fa tsy mampaninona azy ireo, ny Filoha malagasy raha mizaka ny zom-pirenena frantsay ary vonona mihitsy aza nanary ny maha Malagasy matoa nangataka ny fizakana izany...

Dia rehefa mahita ny zava-misy amin'ny fomba fitantanana ny firenena sy manjo ny vahoaka malagasy raha te haneho hevitra ankalamanjana na amin'ny toerana samihafa. Fomba fitantanana tamin'ny andron'ny fanjanahan'ny mitranga raha ny zava-misy, indraindray aza mihoatra an'izany, raha mitodika ny tamin'io 1929 io. Tamin'izany mantsy dia navela namakivaky an'Andohan'Analakely hatreny amin'ny araben'ny fahaleovantena ny Malagasy nanao izany hetsika izany. Ankehitriny anefa vao mikasa fotsiny hidina an-dalambe na eny Ambohitovono, na eny amin'ny kianjan'ny 13 Mey, dia ny "mpitandro filaminana" no tonga aloha miaraka amin'ny fitaovam-piadiana maro samihafa. Tsy atao hahagaga raha izany no manjo ny vahoaka satria olon'ny Frantsay, na saribakoliny, no eo amin'ny fitondrana miaraka amin'ireo mpanohana sy mpisolalaka azy. Fihatsarambelatsihy fotsiny no atao amin'ny vahoaka amin'ny hoe "fitiavan-tanindrazana" eto, fa ny ao an-tsaina hiaro ny tombontsoa frantsay sy ny tombontsoan'ny tenany manokana. Dia lalaovina fotsiny ilay vahoaka, ary handaingana mihitsy aza. Tsy azo lavina izany n'ionon'ny fanazavana atao, na mody manao resaka sy kabary mampandry adrisa ary manao tampi-maso ny vahoaka amin'ny fizaran-javatra etsy sy eroa aza. "Efa mazava io, fa asakasak'izay manaiiky andevozina", hoy ilay lehilahy iray izay nanontaniana'ny mpanao gazety. Soa fa efa 72 andro sisa: J- 72 dia tokony hiala amin'ny fitondrana Rajoelina, satria mampahantra firenena sy mampahantra vahoaka. Raha ny firenena dia firenena anisan'ny mahantra indrindra eran-tany i Madagasikara amin'izao fotoana, noho ny tsy fahaiza-mitondra, sy tsy fahaiza-mitan-tan-dry Rajoelina sy ny forongony. Tena mahantra ihany koa ny ankamaroan'ny vahoaka ankehitriny, satria latsaka ambany tokony fahefa-mividy, sy ny vola miditra aminy. Fahendrena ho an-dRajoelina arak'izany no miala, satria sady mampahantra firenena, no mampahantra ny vahoaka ao aminy.

Sôh'son

PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Maëlle R.

Ny Valosoa sy hadihady

63 taona ny fetim-pirenena Mahonena fa vazaha Frantsay an-taratasy no filohan'ny Malagasy

Telo ambienimpolo taona (1960-2023) no namerenan'ny mpanjanaka frantsay ny fahaleovantena. Zava-dehibe ho an'ny taranaka aty aoriana ny mampahatsiahy ny fiainan'ny Firenena nandritra izany fotoana lavabe izany. Roambinifolo taona (1960-1972) niaina tao anatin'ny néo-kolonialisma i Madagasikara satria mbola ny frantsay no nifehy ny sehatra politika sy ny sehatra ara-toekarena. Na izany aza ny toedraharaha dia azo lazaina fa niaina tsy nanana olana teo amin'ny sehatra ara-tsosialy ny vahoaka Malagasy satria afaka nisitraka fitsaboana sy fanabeazana maimaimpoana teny amin'ny hopitaly sy sekolimbahoaka ary afaka nisakafo in-telo isan'andro ny mponina rehetra. « Politikan'ny kibo » rahateo ny filamatry ny mpitondra nandritra ny Repobika I, ary saika nahavita trano na nipetraka tamin'ireny « cités en vente location » ireny ny mpiasa rehetra. Ambony dia ambony tokoa ny sandam-bola malagasy ka niaina ara-dalàna ny mponina. Na izany na tsy izany dia nisy ireo mpianatra teny amin'ny reo lisea nanana ray aman-dreny sahirankirana nisitraka fanampiana ara-bola. Naresaka tokoa ny fankalazana ireo fetim-pirenena roa: 26 Jona sy 14 Oktobra, satria nisy ny kermesy teo Antanimbarinandriana sy ny lampihazo (podium) teo anoloan'ny Lapan'ny Tanàna eto Antananarivo. Ny azo nokianina tamin'izany vanim-potoana izany dia tsy nisy ny fahalalahana maneho hevitra satria na ny toriteny nandritra ny Fanompoam-pivavahana tao amin'ny Fampielezam-peom-pirenena isaky ny Alahady maraina aza dia nandalo sivana avokoa. Tsy azo lavina fa nitontongana tsikelikely ny fariapiinan'ny Malagasy nanomboka tamin'ny Repobika II satria tamin'izany vanim-potoana izany no nisy ny nantsoina hoe "tsaky pop" satria nitombo ny mahantra sy mpatory an-tsena. Ny anton'izany fitotonganana ny sandam-bola Malagasy izany dia ny nialàna tao amin'ny "Faritra Farantsa" (Zone Franc). Tamin'ny Repobika II ihany koa no nitrangan'ny nolazaina fa fifofoana ny ain'ny Filohan'ny Repobika, ka nit-sanganan'ny Tribonaly Miaramila (Cour Martiale) izay nanameloka sy nampigadra manamboninahitra kolonely sy Jeneraly am-perinasa. Nahavita be tokoa ny Repobika II teo amin'ny sehatry ny fanabeazana satria nanangana Oniversite tany amin'ny amin'ny Renivohitry ny Faritany dimy ny fitondrana. Na teo aza ny hetsi-bahoaka ny taona 1991 niteraka ny Repobika III izay nanantenana fampandrosoana dia tsy nitsahatra nitotonganana ny fariapiinan'ny Malagasy kanefa tsy azo lavina fa nanjaka ny fahalalahana ara-politika, ka afaka naneho hevitra ny rehetra ka izay no fototry ny fampiatoana tamin'ny asany (empêchement)

ny filohan'ny Repobika, ny Profesora Zafy Albert. Tsy nampiova zavatra loatra, na teo amin'ny sehatra sosialy na teo amin'ny sehatra ara-toekarena, ny nahatafaverenan'ny Amiraly Ratsiraka Didier teo amin'ny fitondrana, taorian'ny nanonganana ny Antanimierampirenena ny Profesora Zafy Albert. Tsy misy afaka mandà kosa fa nisy fivoarana lehibe teto Madagasikara tao anatin'ny enin-taon'ny Repobika III-3 nitantanana ny Filoha Ravalomanana Marc ny Firenena. Tsy nandoavam-bola ny fanabeazana sy ny fitsaboana ka nisitraka fitaovam-pianarana ny mpianatra tany amin'ny sekoly ambaratonga voalohany ary saika tafiditra an-tsekoly ny ankizy satria "tsy maintsy" (obligatoire) ny fampidirana ny zaza. Tafakatra 7, 2% ny harinkarena faobe. Nahavita lalana iray alina kilometratra ny fitondrana na dia nolazaina aza fa "tsy azo hohanina ny lalana". Niakatra ny vokatra ara-bary satria nomena fitaovana sy nampiana teo amin'ny lafiny rehetra ny tantsaha mpamokatra. Raha nitohy ny fitondrana tamin'izany Repobika III-3 izany dia azo lazaina fa nandroso tokoa i Madagasikara avy tamin'ilay programa naroson-dRavalomanana Marc, ny PN2D (Programme National de Décentralisation et de Déconcentration) satria minisitery fito lehibe sy niankinan'ny fampandrosoana no namolavola izany. Nipoitra avy tao amin'ny tetezamita ny Repobika IV andiany voalohany sy faharoa. Nisy ezaka vitan'ny andiany voalohany tamin'ny filoha Rajoanarimampianina teo amin'ny sehatra ara-toekarena satria nisy 5,4% ny harinkarena faobe raha niverina ny fifampatokisan'ny teo amin'ny fitondrana sy ireo mpiara-miombon'antoka ara-teknika sy ara-bola (PTF), kanefa betsaka ihany koa ny lesoka ka hasongadina manokana amin'izany ny delestazy. Efa ho folo taona kosa no teo amin'ny Fitondrana Rajoelina Andry Nirina, ary nampanantena volana aman-kintana ny vahoaka Malagasy izay kanefa ao anatin'ny firenana roa mahantra maneran-tany i Madagasikara ary maherin'ny sivifolo isanjaton'ny vahoaka no mahantra. Nankalaza ny fahateloambienim-polo taonan'ny fahaleovantenany ny Malagasy kanefa dia vazaha frantsay ny filohan'ny Repobika, ka tsy mahagaga raha tsy nifantoka tamin'ny fampandrosoana ny Firenena sy ny fampivoarana ny fiainan'ny Malagasy ary ny fampiakarana ny toekaren'i Madagasikara Rajoelina Andry Nirina, fa mandamina izany hiantefany rehefa tsy eo aminy intsony ny fahefana. Tsy misy afaka maminany ny hitranga rahampitso kanefa tsy maintsy miomana hiatrika ny hoaviny ny Malagasy.

Andry Tavalona

Antanimierampirenena Mpikambana amin'ny Birao Maharitra miisa 4 tadiavina

Mafanafana ny eny Tsimbazaza amin'izao fotoana. Mpikambana amin'ny Birao Maharitry ny Antanimierampirenena miisa 4 no tadiavin'ireo depiote nanao sonia haongana. Tontosa ny talata 27 jona 2023 hariva, teo anivon'ny sekretera jeneraliny, ny fametrahana ny taratasy fangatahana fanonganana mpikambana 4 eo anivon'ny birao maharitr'ity andrim-panjakana ity. Solombavambahoaka miisa telo no fantatra fa name-traka "Proposition de résolution" mikasika ny fanonganana sy fampitsaharana amin'ny asany an'ny mpikambana sasany ao anatin'ny birao maharitry ny Antanimierampirenena. Ny tsy fahatongavana mivory an'ireo mpikamban'ny Birao Maharitra ireo hoy ny fanazavana no antony hanonganana azy. Ireto avy izany, Kestora voalohany, Jean Michel Henri, Kestora fahatelo, Rabenirina Maminiana, Filoha lefitra faritany Fianarantsoa, Brunelle Razafitsiandraofa ary Filoha lefitra faritany Toliara, Rabenirina Jean Jacques. Nanao sy nametraka io "proposition de résolution" io kosa ny depiote Lova Moramanga, ny depiote Marco Ampanihy Andrefana ary ny depiote Dominique Sakaraha. Tantara hitohy.

Isambilo



Ireo depiote 4 tadiavina haongana.

FILOHA RAVALOMANANA

Alefaso amin'ireo TV Satelita amin'izay koa ny MBS

Nandray fitenenana ny filoha Marc Ravalomanana, filoha nasionalin'ny antoko TIM, sady filohan'ny rodoben'ny mpanohitra RMDM, nandritra ny dinika faha-2 nokarakarain'ny CENI teny Alarobia ny herinandro lasa teo. Miantso ny tompon'andraikitra izy handefa amin'izay ihany koa ny MBS amin'ireo TV Satelita misy.



Tontosa na amantsara ny alakamisy teo ny ny dinik'asa faha-2 momba ny fifidianana, izay fiandraiketana ny Ceni, taorian'ny fihanonana voalohany izay natao ny volana martsa lasa teo. Marobe ireo olona na fikambanana nanatrika izany, teratany malagasy sy vahiny miasa eto antoerana sy avy any ivelany nanome haja izany, nefa nisy ihany koa ireo antoko sy fikambanana fito, izay nandà ny tsy hanatrika izany, nefa tsara mifampidinika ihany fa "Lera" izao fihananonana hoy i Dada avy amin'ny antoko Tim. Rehefa avy nanokatra ny fotoana ny filohan'ny Ceni, dia nanome fitenenana ny vahiny avy hatrany toy ny avy amin'ny Firenena Mikambana izay nanao fisaohana ny mpanandray anjara samihafa, nidera ny Ceni sy ny fitondrana ary ny vahoaka malagasy

momba ny fiaraha-miasa, sy ny fankasitrahana izay fifidianana ho tanterahina aoriana kely io. Nahazo anjara fitenenana koa ny mpitarika fiangonana, ary ny filohan'ny antoko Tim avy hatrany, ny filoha Ravalomanana no nanohy izany avy eo, naneho fisaorana tamin'ny fanasana izay natao, sy mba nahafahany nanambara mazava fa ny "Fifidianana ihany no fifidianana" aminay hoy izy, miampy ireo hetaheta sy faniriana izay mba tian'ny antoko Tim, atao mialohan'ny fotoam-pifidianana, mandritra sy aorian'io andro malaza io koa, mba hitarafana zava-miasa ho fampandrosoana ny firenena. Notsipihany mazava ihany koa

fony tetezamita ireny, nefa dia ninian'ny HCC nojerena fotsiny tamin'izany fotoana. Ny filoha Ravalomanana dia notronin'ny mpikambana maro tao aminy sy ny RMDM tamin'io dinik'asa faharoa io. Momba ny resaka serasera, nanehoany teo imason'ny daholobe, ny Ceni, ary indrindra fa ny minisitry ny serasera izay teo alohany teo, fa voabahana tanteraka izy ireo rehefa mba manao hetsika, toy ny tany Antsirabe farany teo ohatra, nefa rehefa ny olona mpanohana andRajoelima manao lōanjy dia toa mandeha ho azy. Tsy ho tanteraka io fifidianana io raha mbo-la misy ny faneriterena, ataovy mitovy ny fahafahana manao hoy izy, ary nampiany hoe: aiza ho aiza ny canal sat momba ny MBS amin'izao? Ny minisitry ny serasera dia nilaza fa dossier anjaran'ny tribonaly ireny fa tsy misy hidirany hono. Ho avy ny fifidianana amin'ity taona, tokony hitovy ny rehetra arak'izany eo amin'ny fahafahana manao hetsika, eo amin'ny sehatry ny serasera: tokony ho samy afaka mandefa ny televizianany amin'ny TV Satelita koa. Dia ho hita eo ny tohiny.

Beharo

TONONKALO

'ZAHAY TSY MILA TANALAHY

Tonga ny ora ka sahia mijoro indray ry malagasy, Tsy holalaoavin'ny vazaha dia ny vazaha taratasy, Fa safidiny ny niofo hanjary ho lasa frantsay, Ka tsisy hanaiky intsony koa ny mbola hobaikoiny indray !

Eny na nafeniny aza ity fiofoana feno fitaka, Vetivety ny vaovao dia indro tena niparitaka. Nisafoakan'ny hatezerana ireo ilay hoe tia tanindrazana, Ary hita ho niakatra afo sady tena nihidy vazana !

Hafatra ho anao mpitarika amin'ny sehatra rehetra : Madagasikara afaka , izay no ataovy ho tarigetara. Madagasikara sambatra , miaina anaty fahafahana, Izay no tano f'efa dify izany atao hoe fanjanahana !

Aoka ianao tsy handray intsony baiko avy amin'ny gasy reraka, Fa ianao tsy sanatria hoe gasy donto sy miveraka. Tombontsoan'ny malagasy , izany hatrany no tadiavo, Fa tsy ny an'ireo vahiny te hibahana sy handavo !

...Ndao hivondrona ry mbola mihevi-tena ho malagasy Sady tsy isan'ny mpamadika no tsy mbola misy tasy , Ka meteza hiombom-po , hiombon-tsaina sy fanahy, Ho sahy hanilika amin'izay 'ty mifanahin-tanalahy !

Ny miova volo am-pandehanana , tena tsy azon'iza ekena, Indrindra indrindra ho an'ireo natao hitondra firenena. Malagasy re 'zahay fa tsy vazaha vao notefena, Ka takianay koa ho GASy no mitondra firenena !

TSIMIMALO (25-06-23)

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

LW, Helisoa

Nandray anjara tamin'ny matso nanamarihana ny fetim-pirenena tany Toamasina faritra Atsinanana, ny antoko TIM Faritany Toamasina, tamin'ny 26 jona teo.



Nizara arendrina tamin'ny ankizy an-jatony maro sy goûter ho azy ireo, noho ny fetim-pirenena, ny faran'ny herinandro teo, ny depioten'ny Boriboritany faha-3 Feno Ralambomanana.



NY TENY FIAINANA

"Fa tsy misy mahay manao fanorenana hafa afa-tsy izay natao, dia Jesosy Kristy."
I Korintiana 3:11

"MONDIAL BASKET U19 HONGRIE 2023"

Nahavita dingana lehibe ny Ankoay Madagasikara

Nahavita dingana lehibe ny Ankoay Madagasikara eo amin'ny basket-ball lehilahy U19 amin'ny Mondial basket U19 atao any Hongrie. Omaly no nia-trika lalao ampahavalondalana ny Ankoay amin'ny fifaninanana "Mondial basket U19 Debreceen Hongrie 2023", ny Ankoay izay nikatrohany tamin'ny ekipan'i Frantsa ary narahin'ny Malagasy nivantana tao amin'ny CANAL+ Madagascar

Canal événement (Chaîne 19). Tsihivina fa tamin'ireo lalaom-bondrona B nisy azy natrehany in-telo miantona dia nahazo vokatra tahaka an'izao ny Ankoay : Usa 136 – 69 Madagascar, Liban 66 – 83 Madagascar, Slovenie 74 – 71 Madagascar. Filaharan'ny vondrona B tamin'ny ankapobeny : Usa (6 pts), Slo (5 pts), Mad (4 pts), Lbn (3).



Rainilita

Ankoay any Hongrie.

"2è Jeux Africains de Plage 2023"

Ny taranja Teqball no nahazoan'i Madagasikara medaly

Ny taranja Teqball no nahazoan'i Madagasikara medaly volafotsy tany Tonizia, tamin'ny fiatrehana ny fifaninanana "2è Jeux Africains de Plage 2023", fa nahazo laharana faharoa tamin'ny alalan'i Rakotonirina Diarra Spencer Erickson sy i Fanirisoa Richia, teo amin'ny sokajy "Mixte". Tsihivina fa atleta Malagasy efatra no nisilotena an'i Madagasikara tamin'ity fifaninanana ity, ka Nambinintsoa Andry no nanampy azy mianadahy ireo teo amin'ny taranja Teqball ary Andrianatoandro Tinah Jessy kosa no teo amin'ny taranja tolona. Hifa-



Teqball tany Tunisie.

rana rahampitso zoma 30 jona 2023 ity fifaninanana

ity, izay nanomboka tamin'ny sabotsy 24 jona

2023 lasa teo.

Rainilita

Rugby "University Of Bristol Madagascar Tour 2023"

Lavon'ny Makis hatrany ny mpilalaoan'ny UBRFC Anglisy

Lavon'ny Makis de Madagascar hatrany ny ekipa mpilalao rugby Anglisy ny

"Univeriste Of Bristol" (UBRFC), tamin'ny lalao "ruby à XV" ara-pirahala-

hiana nataony tetsy amin'ny kianja Makis Madagasikara tamin'ny alahady

25 jona 2023 teo, na tamin'ny nifandrinany tamin'ny Makis U20 izay nisarakana tamin'ny isa 58 – 16, na teo amin'ny nifandrinany tamin'ny Makis Senior, izay nisarakana tamin'ny isa 58 – 25. Tamin'ny ankapobeny dia azo lazaina fa anisan'ireo taranja fanampiny fangalana isa (matière complémentaire) amin'ny fianarana ataon'ireo mpianatra mandrafitra an'ity ekipa Anglisy ity ny taranja rugby, fa tsy tena mpilalao matihanina amin'io akory ry zareo. Any Angletera, anisan'ny tena kalaza maneran-tany amin'ity taranja ity izy ireo. Voka-dalao hafa tamin'io alahady eo teny Andohatapanaka : "match test" : Usa Ankadi-fotsy 19 – 59 Cea Andranomantina, "Championnat de Madagascar 1ère Division Dame" : Ftm Man-jakaray 28 – 40 Scb Besarety.

Rainilita



Makis vs UBRFC teny Andohatapanaka.

Sakafo Ny Valosoa



Ravitoto sy henomby amin'ny voanio, na coco indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary tōmaty na lasary voatabia miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

NY VALOSOA sy Mahaso

Ny soa azo avy amin'ny voana voatavo na tsirebika

Ny soa azo avy amin'ny voana voatavo na tsirebika indray, no Mahaso eto amin'ny gazetinao androany. Tombontsoa amin'ny fihinanana azy :
-miaro amin'ny fahanteran'ny sela.
- Miady amin'ny aretina cancer na homamiadana , miaro ami'ny aretina cancer.
- Mahasalama ny prostate sy ny tatavia, miaro amin'ny aretina prostate , tsara hoan'ny olona mararin'ny prostate.
- Be magnesium ho an'ny olona tsy ampy magnesium.
- Tsara ho an'ny fo sy lalan-drà.
- Mandamina tahana siramamy , tsara hoan'ny dia betika.
- Be fibre, ka manamora ny fandevonan-kanina, tsy mampitohana.
- Manampy ny famokarana spèrme, na tsirinaina lahy, sy mahatsara ny kalitaon'ny tsirinaina lahy.
- Manampy amin'ny torimaso.
- Azo atao gouter hoan'ny olona manao regime alimentaire
- Be proteina.



NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Ampasimbe distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ampasimbe distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitra ny kaominina Ampasimbe ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Vokatra any ny vary, ny fary, ny voankazo toy ny akondro, ny manga, ny letchi, ny longoza, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka, ny vomanga.



FIZAHANTANY

Matory ny ofsim-paritra any Menabe

Matory tanteraka ny office regional du tourisme de Menabe, na ny ofsim-paritry ny fihazantany Menabe. Taorian'ny ITM 2023 izay natao teny amin'ny CCI Ivato dia maro ireo mpisehatra amin'ny fihazantany ato Menabe no mitarina, fa tsy manao ny asany ny office régional du tourisme ato Menabe ary misy koa ireo mpandraharaha mahatsiaro fa voailika, ka miady irery, indrindra fa ireo mpisehatra vaovao eo amin'ny lafiny fihazantany. Raha nanontaniana ny talem-paritry ny fihazantany Andriamatoa Heriniaina Therry Seralis mikasika ny office régional du tourisme dia mila-za fa mahaleotena ny office, fa manampy fotsiny ny fitaleavam-paritra, ka isan'ny olana ny tsy fahampian'ny fifandraisana eo amin'ireo mpandraharaha sy ny tompon'andrika-itra eo anivon'ny office. Raha nandalo teny amin'ny biraon'ny office moa izahay dia tsy nahatratra olona tao; zavatra hita fa dia mihidy lava ity birao ity, nefa andry lehibe eo amin'ny fampiroboroboana ny fihazantany ato Menabe, eo ny fampahafantarana ireo tolotra misy ato Menabe, izay raha ny faritra Menabe no jerena dia maro ireo vokatra raha eo amin'ny fihazantany no resahana dia isan'ny manan-karena na valan-



Baobab, anisan'ny mampalaza ny faritra Menabe.

javaboahary izany, rano toy ny reniranon'i Tsiribihina sy ny ranomasina, izay midadasika, eo koa ireo zavamaniry sy biby izay mampiavaka ny faritra Menabe, saingy indrisy fa ny ankamaroan' izy ireny no tsy voatrandraka no sady ireo mba voatrandraka dia tsy ampy ny fampahafantarana azy, sy famoahana ireny vokatra ireny, hany ka maro ireo vokatra izay tokony hisintonana ny mpizahantany no tsy misy mahalala. Ny asa sy addidin'ny office régional du tourisme no manao ny famarotana ireny vokatra ireny, mba hisintonana ireo mpizahantany hiditra aty Menabe, fa dia lasa miady

irery ireo mpandraharaha, ka hatreto dia toa tsy misy dikany sy vokany eo amin'ny fihazantany ato Menabe ny fisian'ny office régional du tourisme. Ny birao moa dia mikatona lava, ka mipetraka ny fanontaniana hoe : inona ny olana misy ao amin'ity rafitra ity, sa tsy manana fitaovana izy ireo. Niezaka nandalo teny mba hanontany ny zava-misy marina ny mpanao gazety, fa tsy mahatratra olona tao, raha mba jerena ny site dia ny mahagaga fa tsy misy hita, ka tsy hay hoe tsy manana ve ny office régional du tourisme Menabe, nefa amin'izao vaninandro izao dia io no lalana iray ijeren'ny mpi-

zahantany mialoha ny tolotra misy amin'ny toerana alehany, ka hanamboarany ny fandaharam-potoanany, na ny facebook-ny office régional du tourisme Menabe dia tsy nahitana zavatra manaraka ny vanim-potoana mihintsy, ka tsy hay hoe inona marina no tena antom-pisian'ity rafitra ity eto Menabe, sa ve mbola matory dia miady irery tanteraka mihintsy ireo mpandraharaha, ka miantso ireo tompon'andrika-itra, mba hijery akaiky ity rafitra ity, ho fampandrosoana sy fampiroboroboana ny fihazantany ato Menabe.

Rajepa

Fampianarana sy fanadinana

Mpianatra 30 voasoloky ka tsy afaka hiatrika bakalôrea

Mpianatra ao amin'ny kilasy famaranana miisa 30 mianadahy no voasoloky, ka tsy afaka hiatrika ny fanadinana bakalôrea.

Raha ny fantatra dia nanaraka fianarana manokana tamin'ny mpampianatra iray izay efa malaza amin'ny fampianaovana "cours" eto Antsirabe faritra Vakinankaratra izy ireo.

Noresen'io mpampianatra lehilahy io lahatra hanao mpiadina tsy miankina ny ankamaroan'izy ireo, izay efa namerin-taona. Nilaza ny handray an-tanana ny fikarakarana rehetra izy, ka nomena azy avokoa ny saran'ny fikarakarana sy ny saram-pisoratana anarana. Nomeny taratasy fiantsoana izy 30 mianadahy tamin'ny fotoanan'ny adina ara-panatanjahantena, saingy rehefa nojerena dia voamarina ny maha-hosoka azy. Nanomboka teo ihany koa dia tsy hita intsony ity mpampianatra ity.

Antso avo amin'ireo tompon'andrika-itra isan-tsokajiny sisa no ataon'ireto voasoloky, izay sady very vola no lany herintaona be izao nanomana fanadinana, nefa dia tsy afaka hiatrika izany akory.

Ambinintsoa



Ahitana olona mpisoloky ihany koa ny ao Antsirabe.

Fanofanana zandary tany Frantsa

Nahazo laharana voalohany koa ny zandary Malagasy

Norombanan'ny Manamboninahitra Zandary Malagasy koa ny "MAJOR DE PROMOTION", na laharana voalohany, nandritra ny fiofanana "Application des capitaines" tao amin'ny "Ecole des Officiers de la Gendarmerie nationale (EOGN)" tany Frantsa, tamin'ny alalan'i Lietena ZEFOA Marty Nico Boy.

Manamboninahitra zandary avy amin'ny firenena maro no niofana tao, saingy izy no voafantina ho mendrika indrindra. Anisan'ny nampitolagaga ireo mpampiofanana tokoa raha ny fahaizana nasehony.

Anisan'ny manandratra avo ny fanevam-pirenena imason'izao tontolo izao tokoa izany, ary reharehan'ny Zandarimariam-pirenena malagasy.

Izy dia anisan'ny voahosotra ihany koa hiakatra eo amin'ny laharam-boninahitra "KAPITENY" amin'ity taona 2023 ity, raha nivoaka avy amin'ny andiany faha-38 tao amin'ny Akademia miaramila Antsirabe, izay mbola izy ihany no "Major de promotion" tamin'izay.

Niaina



Rainilita

Fampiofanana polisy tany Frantsa

Polisy Malagasy indray no voalohany

Fampiofanana ao amin'ny sekoly ambony ny polisim-pirenena any Frantsa : lasan'ny polisy malagasy fanintelonny indray ny major de promotion, na ny laharana voalohany. Rehefa nahavita ny fiofanana nandritra ny herintaona niaraka tamin'ireo Polisy manerana izao tontolo izao tao amin'ny sekoly ambony ny Polisim-pirenena ao Frantsa dia nahazo ny Major de Promotion ny Commissaire Po-

lice Rakotoniaina Haja-tiana Nambinina avy aty Madagasikara. Ny taona 2020 sy 2022 dia ireo Polisy malagasy ihany koa no nahazo ny laharana voalohany, ary ny taona 2023 izao indray dia mbola Malagasy ihany no nahazo izany mari-pankasi-trahana izany. Samy nivoaka tao amin'ny andiany FANILO avokoa izy rehetra ireo.

Stefa



12 è Championnat d'Afrique 2023 de Bras de Fer

Nahazo medaly 4 ny Malagasy



Fitsenana an'i Alban teny Ivato.

Tamin'ny alatsinainy 26 jona no nigadona an-tanindrazana Ranomenjanahary Sitrakiniaina Alban, atleta paralaimpika nisolo tena an'i Madagasikara tamin'ny fiadiana ny tompondakan'i Afrika taranja Bras de Fer, andiany faha-12 notontosaina tany Accra Ghana. Medaly miisa efatra (4) no azon'i Madagasikara izay mitsinjara toy izao : Volamena 1

ary volafotsy 3. Tonga nitsena sy nanotrona ny fahatongavan'ity atleta ity sy ny delegasiona niaraka tamin'ny teny Ivato ireo tompon'andrika-itra isantsokajiny eo anivon'ny Minisiteran'ny Tanora sy Fanatanjahantena Malagasy (MJS), sy ny avy amin'ny « Comité Paralympique Malagasy ».

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE
17/06/2023 hatramin'ny
24/06/2023

- **NY AINA** (Andravoa-hangy Ambony) 020 22 229 95
- **AICHA** (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24
- **RAKOTOARIVONY** (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- **SANTE** (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/ 032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
- **H** (Andrefan'Ambohijana-hary) 032 05 111 65/034 14 011 65

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79
HOMI Soavinandriana : 22 397 51
Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21
Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 / 22 485 17
Clinique des Soeurs Ankadifotsy : 22 235 54
Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama :
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel : 03 35 47 / Orange : 032 32 3547
Pompiers :
Tél : 118 / 22 250 18 / 22 225 66
Police :
Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 / 22 357 09
1° Arrondissement Tsalalàna : 22 280 54
2° Ambanidia : 22 309 46
3° Antaninandro : 22 291 30
4° Isotry : 22 280 51
5° Mahamasina : 22 280 48
6° Ambohimarina : 22 225 52
7° 67 Ha : 22 291 29
8° Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 / 22 210 29 / 22 674 83 na 84
GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY
Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY Imprimerie de la RN7

Fametrana 1448-06-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

RAHARAHA CNAPS
Avoahay Ramatoa Joslina Tsaboto hoy ny mpiasa

Mitaky ny famoahana ny tale jeneraly mpisolotoerana ao amin'ny Cnaps, Joslina Tsaboto, ireo mpiasa ao amin'ity tahiry ho amin'ny fiahiana ara-tsosialin'ny mpiasa ity. Efa tonga eto tonga eto Antananarivo avokoa amin'izao fotoana ny solontenan'ny mpiasa avy any amin'ny faritra maro mitaky ny famoahana ity tale jeneraly mpisolotoerana ity. Tsy rariny hoy izy ireo ny famonjana ity olona nahavita be tamin'ny Cnaps ity ary olona efa misotreo ronono. Nitondra fanazavana ihany koa i Andriatiana, izay mahafantatra tsara io olona io. Efa misotro ronono io ramatoa io, hoy izy, fa ny adidy napetraky ny fanjakana taminy dia tsy nolaviny. Efa 33 taona nampopoana ny Cnaps izy, dia po-tehina tsotra izao ve? Tsy vao izy no talen'ny Cnaps tratra izao fa efa maromaro ireo nise-dra olona, teo alohany. Tsy misy tsy mahafantatra ny fahitsiana sy ny fahaizan'io ramatoa io ny asany ary ny tsy fitiavany izany kolikoly izany ny mpiasa rehetra eo anivon'ny Cnaps, hoy ny fanazavana. Nitsangana niaro ny Cnaps izy ary niezaka namerina nametraka ny Cnaps amin'ny toerany. Nipetraka tamin'ny toerana naha-ray aman-dreny azy izy nifehezana ireo mpiasa rehetra tsy hikorontana, sy tsy hi-

savorovoro noho ny olona arabola teo anivon'ny Cnaps. Nisy anefa ireo tsy faly tamin'ny nametrana azy ho tale jeneraly mpisolotoerana. Tsy faly ihany koa fa tsy afaka manao ampihimamba intsony. Resaka fampidirana mpiasa tsy ara-dalàna no nanenjehana azy. Manana fahefana feno izy mampiditra mpiasa araka ny fangatahan'ny lehiben'ny sampam-draharaha mila mpiasa ao anivon'ny Cnaps, ary atao manaraka ny fenitra tadiavin'ny servisy tsirairay izany. Moa ve ireo tale jeneraly teo aloha tsy nampiditra mpiasa? Fa maninona no asiana fanavakavahana dia lazaina fa hoe ny olona mitovy fihaviana aminy ihany no ampidiriny ao? Manaja ny fahefam-pitsarana isika fa manokatra kosa ny mason'ny mpitondra. Inona no antony hamotehana ny teknisiana malagasy? Olon'ny fahamarinana loatra i Tsaboto Joslina, hoy hatrany i Andriatiana. Manelingelina ny maro ny fahitsiany sy fijoroany, ka nitadiavana ny hevitra rehetra namotehana azy. Efa ela no nitadiavan' ireo olona ireo tetika nanenjehana azy io. Isan'ny nitoriana azy koa ny fanamparam-pahefana sy fivadiham-pitokisana. Fa nanampatra taiza izy ary nivadika tamin'ny inona? Raha ny fanazavana dia misy olona mibodo ny

fananan'ny Cnaps... Fiarra Toyota Hilux izay nataon-dramatoa tale jeneraly ny fanenjehana, saingy tsy nomen'ilay olona hatramin'izao ary dia io izy nosimbaina tanteraka io. Nitadiavana hevitra hampanginam-bava sy hamotehana azy satria efa nieritritra hitaky ny volan'ny Cnaps any amin'ireo orinasa ananan'ny Cnaps vola izy, no sady nitsipaka fanomezana vola notakian'ny orinasa lehibe iray eto Madagasikara ihany koa. Ireo no tena antony nahatonga izao fanenjehana sy famotehana ny fiainan-dRamatoa Tsaboto Joslina izao. Mitodika amin'ny fitsarana i Andriatiana: iza no afaka manota sy tsy matimanota eto amin'ity fitenena ity? Aza asiana tombo sy hala sy mizana tsindrian'ila tompoko... hoy izy. Ireo mpanao politika sy mpisehatra ara-politika ihany koa dia nentaniny, mba hanaja ny fisaraham-pahefana, ka tsy mifampijabaka, fa manimba ny teknisiana malagasy izany. Nametrapanontaniana amin'ireo manodidina ny filoha ihany koa izy nanao hoe: sao dia mba efa ampy izay nataonareo sy efa vitanareo izay? Ary farany nanao antso avo amin'ny filoham-pirenena izy: jereo akaiky Andriamatoa filoha, fa mampalahelo loatra ity raharaha ity.

Kaominina Ambohitrimanjaka
Voalohany ny fampidirana-ketra amin'ny distrikan'Ambohidratrimo

Mbola nitazona ny laharana voalohany amin'ireo Kaominina miisa 24 mandrafitra ny Distrikan'Ambohidratrimo, eo amin'ny fahaizana mitantana sy mampiditra hetra ny Kaominina ambanivohitra Ambohitrimanjaka. Nozarain'ny solontenan'ny "Contribution" sy ny "Centre fiscal" mari-pankasitrahana Andriamatoa Randriamanalintsoa Ihajason Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ambohitrimanjaka, nandritra ny fetim-pirenena 26 jona teo, izay nataon'ny Distrikan'Ambohidratrimo tao amin'ny filalaovam-baolina Ambohidratrimo ny alatsinainy teo. Nanazava ny Ben'ny tanàna Randriamanalintsoa Ihajason, fa ny manatsara ny fitantana ny kitapom-bolan'ny Kaominina, ny fahaizana mitantana ny hetra, ao anatin'izany ny fametrahana paik'ady ahafahana manangona ny hetra amin'ny alalan'ny fanentana ny olom-pirenena izay voakasik'izany no nataon'izy ireo. Nanamafy ny Ben'ny tanànan'ny Kaominina Ambohitrimanjaka, fa afaka misahana ny asa fampandrosoana rehetra ny fiavidan'ny kaominina, rehefa tsara tantana ny hetra, ao anatin'izany ny famitana an'ireo fotodradit'asa maro samihafa, satria tsy manana fahaleovantena ara-bola avy amin'ny fitondram-panjakana ny Kaominina. Tsihivina fa efa ho 4 taona misesy izay no nitazona ny laharana voalohany teo amin'ny fahai-zana mitantana ny hetra ny Kaominina Ambohitrimanjaka ary mamporisika an'ireo Kaominina manodidina ny Ben'ny tanàna Ihajason, mba hiroso amin'ny fanavaozana ny fitantanam-bola izay antoka ho an'ny fampandrosoana ifotony.



Ny ben'ny tanànan' Ambohitrimanjaka.
Franck Razakambelo

BEHARO Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 435

Diagram of a crossword puzzle grid with clues in Malagasy. The grid is 10 columns wide (A-K) and 10 rows high (1-10). Clues include: Faraman-dimby, Zava-maniry, Toerana, Fonenanay (miv), Sahala (miv), Ahitra, Diky, Iray tampo, Tsara, Fisotro, Eo @ fery, Mampisafidy, Fanitarana, Latsa (miv), Fanao laoka, Voankazo, Hery sy tanjaka, Kambana, Naoty, Sakafo (miv), Kilalao.

BL = Bory Loha
BR = Bory Rambo
MIV = Mivadika
MIK = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra
Ohatra : Valy = Vady

Valiny Teny Tondro (0434)

Mitsivalana
- Tetezana
- Ela - Van(o)
- Zazakely
- Mioty (miv) -

Ma (miv)
- Na - Aza
- Lainga (miv)
- As - Aba

Mitsangana
- Tezitra
- Tale (miv)
- Tazana
- Ainga

- KM - NB
- Eva (miv) - Aia
- Nalaza
- Alamina (miv)

TENY MIFANAPAKA N° 435

Grid for the word search puzzle with columns A-K and rows 1-10. Black squares indicate non-letter positions.

Mitsivalana
1. Maka tsy miera 2. Milaza fotoana - Sitrika 3. Vadin-janaka 4. Marika (miv) - Aro orana 5. Tanimboly 6. Tovana - Mangataka (miv) 7. Firavaka 8. Maharitra - Fiferanarahana (miv) 9. Haja sy voninahitra - Fotoana lasa 10. Vaventy, bota (miv) - Aotra

Mitsangana
A. Mihodinkodina B. Tsy ahy, tsy anao - Teny, tafa (miv) D. Nandefa olona E. Voankazo - Maneho olo-masina F. Nitsotsorika G. Nianjera - Tsofoka H. Akàna vao mitombo - Fanekena - Tovona (miv) I. Solfa - Vimbinina J. Làlam-pirenena - Aro moka - Menaka K. Atsahatra - Meva

Valiny Teny mifanaraka 0434

Mitsivalana
1. Fitarafana 2. Anaranao 3. Naoty - Bà (miv) 4. Li(sitra) - Voina 5. Roaka - Sir(a) 6. Tarika 7. Nanontany 8. Alamo - ST 9. Tara (miv) - Sa 10. Koba (miv) - Kitay

Mitsangana
A. Fanorona B. Ina - Bala (miv) D. Taolagnaro E. Kitra (miv) - Kamo (miv) F. Ray - Tonta (miv) G. AN - Ta (miv) H. Fako - Ratsy H. Fako - Ratsy I. Ao - Nisy (miv) - (V)at(a) J. Sikinina (miv) K. Ambara - Tay

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Vonona ny toerana handraisana ny kongresy nasionalin'ny TIM ao Tanjombato ny sabotsy izao. Nampahafantatra izany ny birao politika, sy ireo depiote ary ny komity mpikarakara, ny talata teo.

